

Piccole Suore Missionarie della Carità  
(Don Orione)  
Casa generale  
Via Monte Acero, 5 – 00141 Roma  
[www.suoredonorione.org](http://www.suoredonorione.org)



### **Prot. MG 83/16**

Ry Rahavavy malala!

Tonga indray ity ny fotoana izay hankalazantsika ny Fetin'ny Md Piera sy Md Paoly Apôstôly, ka ankoatry ny maha Fety azy izay ahatsiarovantsika manokana ny Ray Masina, dia Fankalazantsika ihany koa ny Tsingerintaona Nahaterahan'ny Fikambanana.

Mandeha dia mandeha tokoa ny fotoana, kanefa koa dia ahatsapàna ny Fahasoavana izay nitobaka be dia be sy ireo endriky ny Fitondran'Andriamanitra ho antsika rehetra, indrindra nandritra iny taona izay nankalazantsika ny faha- “Zato Taona” Niorenan'ny Fikambanana iny.

Ankehitriny àry, dia mankalaza ny faha 101 taona isika! Miatrika dingana vaovao indray, izay mametraka antsika ho eny andalan'ny famelomana indray ilay hafaliana, fanantenana ary tanjona, izay ibanjinana misimisy kokoa ny ho avy.

Ny Jaobily manokan'ny Famindrampo, izay natolotry ny Papa François hankalazan'ny Fianganana amin'ity taona ity, dia tena manamarika amin'ny fomba miavaka tokoa ny hetsika izay manosika antsika, amin'ny maha “*Masera Madinika Iraky ny Fitiavana*”, isika izay, teraka tao amin'ny Fo feno Famindrampôn'i Kristy, ary tamin'ny alalan'ny faminiana, dia nanome endrika, sy vinavina ary tanjona ny mba “*hiainga*” avy eo amin'ny toerana, avy amin'ireo asa apôstôlika, avy amintsika tsirairay avy, ary koa avy amin'ireo ankohonam-piainantsika, ny “*Famindrampony sy ny Voninahiny*”!

Ry Rahavavy malala isany! Isika, izay natsoin'ny Don Orione, hoe “*Iraky ny Fitiavana*”, dia “*Vonton'ny Fitiavana*” noho izany, dia “*Lakandranon'ny Famindrampo*”. Satria ny “*Fitiavana*”, izay tononintsika “*amin'ny alalan'ny Voady*”, dia ambara sy aseho amin'ny alalan'ny “*famindrampo*”, eo amin'ny “*asa izay maneho famindrampo*” ara-panahy sy ara-materialy, iainana eo amintsika samy isika aloha, any anatin'ny ankohonam-piainana misy antsika any, izay vao mankamin'ny hafa, any amin'ireo manodidina antsika!

Mivonôna ary isika hankalaza ny faha 101 taona niorenantsika amin'ny fanahy misokatra, feno zotom-po sy halemem-panahy ka “*hanasitrana*” avy amin'ilay “*fitiavana sy famindrampo*” izay nivoaka avy tamin'ny Fon'i Jesoa, satria, io fitiavana io, ary koa io famindrampo io ihany, izay iainana tokoa, no afaka hanova ho tena fitiavana sy famindrampo, izay hozaraina amin'ny hafa.

### **Fotoanan'ny fanombohana indray**

Ankehitriny dia antsoina isika mba hametraka ny tenantsika ho eo andalan'ny toetra maha “*mpanara-dia*”, amin'ny alalan'ny fahavononana ny mba “*hanomboka*” indray, avy ao aorian'ilay Mpampianatra sy i Don Orione. Isika rehetra dia samy efa nandray ny lalan'ny “*fanarahan-dia an'i Kristy*” angamba mety misy mbola vao amambolana no nanombohana, mety ho roa taona lasa, mety ho 10 taona, na 25,

na 50, na koa mety mihoatran'izany, fa nasesik'ilay faniriana izay, azo antoka, fa tena tamin'ny fo tokoa, tsy nisalasalàna, mahatoky, mavitrika, ary feno fankaherezana: “*vonona amin'ny rehetra*”! nandritra izay fotoana izay isika dia afaka nandalina sy nanao andram-piainana izay nankafizantsika hatrany hatrany ny Fiantsoana izay niantefa tamintsika, ny fifandraisana tamin'i Jesoa izay nihamatotra tsikelikely, sy niha nazava, nihalalaina ka nahatsapantsika ny maha **vady** antsika; ny fahalalàna ny aim-panahy avy amin'ny vavaka, ny firahalahiana sy ny iraka nampanaovina... Na izany aza dia “*eny andalana*” mandrakariva isika, maro koa ireo zavatra izay tokony “*hialàna*”, ary koa, tsy latsa-danja amin'izany ireo izay mbola “*ianarana*” avy amin'ny Fon'i Jesoa sy i Don Orione!



Ny Vanin'andro ankehitriny, ny zava-misy eo amin'ny tontolo misy antsika miaraka amin'ireo fiantraikany eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, ny fianakaviana, ny Fianganana sy ny rafitra misy, miaraka amin'ireo hazavàna sy ny haizina, dia tsy tokony hahatonga antsika ho latsaka ao anatin'y fandriky ny fahakiviana, ny fijerena ny lafy ratsiny fotsiny, ny tsy fahitàna afa-tsy ny hoe “*ratsy avokoa*”, ny fomba fijery milaza fa tsy misy “*ho avy azo antenaina*”, ny fametrahana ny hoe “*tsy misy fiovàna intsony izany*” na koa ny hoe “*efa izay mihintsy io*”... izay matetika mahatonga hakiviana, ary matetika aho no mandre izany amintsika... Indraindray aza dia, rahavavy mihintsy no miteny toy izany! Mandalo vanin'andro “*famaranana*” isika izay mampitodika misimisy kokoa amin'ny “*toe-java-baovao*” misokatra indray, izay ampianaran'i Kristy amin'ny maha Mpampianatra Azy, Izy no hitarika antsika, ho amin'ny “*lalan'ny, Fahamarinana sy ny Fiainana*” (Jo 14,6). I Kristy izay fiandohan'ny “*taona vaovao*” izay manomboka, tsy hoe amin'ny rafitra ety ivelany fotsiny, na koa hoe avy amin'ny fihavaozana ety ivelany fotsiny amin'ireo fitsipika misy antsika, ny fomba, ny fahazarana, ny ora, ect. Fa kosa “*fotoana vaovao*” izay “*mianga avy ao anaty*”, avy amin'ilay atim-panahintsika lalina dia lalina, avy amin'ilay maha olombelona antsika, avy ao anatintsika ao; izany hoe “*avy ao anaty*” dia mianga avy amin'ilay fotoana tsy dia tsara loatra kanefa milamina, tsy maneho fitiavan-tena fa kosa mampisokatra amin'ny fiombonana, tsy mikombona ho amin'ny tena samy irery fa mampisokatra amin'ny hafa, tsy miforitra ao anaty fanandevozan'ny zavatra, ny hevitra, ny andraikitra, ny tekonôlôjia, ny vola... fa maneho fahafahana, hafaliana sy faminaniana! “**Charitas Christi urget nos!**”, “Ny Fitiavan'i Kristy no manosika anay!” io no hiaka izay nampisy ilay “*fahaterahana vaovao*” izay iarahantsika maheno mitempo ao anatintsika ao!

Izany no tena nampirehidrehitra ny hafanam-pon'i Don Orione, izay nahay naminany tamim-panantenana lehibe manao hoe: “*...hitako ny lasa izay mandalo, ary, na dia efa lasa aza, dia mbola tsy mianjera: ny fototry ny trano efa antitra eo amin'ny fiaraha-monina, dia ho zary endrik'izao tontolo izao izay mitera-doza: horohoron-tany mahatsiravina angamba no mety hanova, haingana dia haingana ny endrik'izao tontolo izao. Inona no mety havoakan'izany fahavoazana goavana izany? Isika dia Zanaky ny Fitondran'Andriamanitra, ka tsy tokony ho very fananatenana , fa vao maika aza, hatoky tanteraka an'Andriamanitra lehibe! Isika tsy toa an'ireo mpilaza loza, izay manambara fa izao tontolo izao dia ho potika rahampitso, marina fa lehibe tokoa ny kolikoly sy ny faharatsiana ara- môraly, saingy matoky aho ary tena inoako, fa amin'ny farany dia tsy maintsy handresy Andriamanitra, Andriamanitra no handresy amin'ny alalan'ny famindrampony tsy misy fetra...*

*vanin'andro lehibe no ho avy, ary amin'ny alalan'io Famindrampon'i Jesoa Kristy Tompontosika sy amin'ny alalan'ny vavaka ampon-dReny ataon'i Masina Maria...*<sup>1</sup>

Izany no fomba tokana ahafahana manomboka indray ny “fanarahan-dia” amin'izao faha 101 taonan'ny Nahaterahantsika izao; izany no “*fanorenana ao anaty indray*” izay matetika, atolotrareo, amin'ny alalako, ho ainga vaovao ho antsika rehetra: hatombotsika indray izany miaraka amin'i Don Orione, amin'ny alalan'ny traik'efan'ny famindrampo, amin'ny alalan'ilay “*afo*” mipololotra avy ao anaty sy ny fitokisana ny Fitondran'Andriamanitra, ary dia haverintsika isan'andro miaraka aminy manao hoe “*matoky aho ary mino fa Andriamanitra no mandresy amin'ny famindrampony tsy misy fetra!*”

### **Fotoan'ny fahantràna**

Mba ahafahana manohy ny lalana, ry rahavavy malala, dia mila “*mianatra indray isika*” “*ligeras de equipaje*”<sup>2</sup>, (lohateny ny boky iray malaza nosoratan'i Carlos Vallès, izay heveriko fa maro amintsika no efa namaky azy) mba hamindra araka ny fitsipik'i Kristy sy i Don Orione. Angamba ‘exercice’ tena mety ho antsika ny manao ny asan'ny famindrampo amin'ity taona ity, satria sady manomana rahateo ny fankalazàna ny XII<sup>e</sup> Chapitre Général izany: miditra amin'ny “*efitrano*” ao anatin'ny fontsika ao isika sady manadihady indray izay “*nangonintsika*” ao; ny ao anaty “*valizin'*” ny fontsika ao, ny fiainantsika, ny eritrerintsika, ny fitempon'ny fontsika sy ireo fahazarana marobe...

Izay rehetra heverintsika ho “*harafesina*”, ireo atao hoe tsy dia ilaina loatra? Marobe ny “*fananantsika*” no miangona ka mahatonga antsika hikombona amin'ny fahasorenana mahazatra, amin'ny fijerena ny lafy ratsin-javatra matetika, sy ireo rafitra ifikirana, ireo alahelo rehefa “*tsy ho eto intsony isika*” ao anaty sarety na ao anaty “*fanoherana*” sy ny “*fanariana*” izay ezaka ataon'ny Fianakaviana. Toa efa zary lasa fomba, ny manao ny tenantsika ho toy ny “*mpanompo*” fa tsy “*zanaky*” ny Fikambanana intsony? Firifiry moa ireo fihetsika izay tsy manambara intsony ny torohevitra ny Evanjely izay tahirizintsika ao amintsika ao, ary koa, tsikelikely dia zary lasa mampikatso ny ‘lalana’ mankany amin'ilay “*fanarahan-dia*”, izay nanentana antsika tamin-kalalaham-po tokoa sy tamim-pahantràna tanteraka, na dia toa tsy tsapantsika aza, ary amin'izao ve, tena mbola mameno io toerana io, ilay hoe “*Andriamanitra irery*”?

Angatahintsika ny Fanahy Masina mba hanampy antsika hanadio, handoro, hanasa ary hitsabo izay rehetra “*manavesatra*” amin' ny fiainantsika sy mba hampihendanja izay rehetra “*mafonja*”, “*mampiraikitra*” sy izay rehetra tsy mitondra hafaliana. Izay ihany no fomba ahafahantsika manohy ny dia mba ho “*maivana*” (ligeras) ka hampiely ny “*famindram-po sy ny voninahitra*” avy amin'ny Fon'i Kristy hatrany amin'ny fara vazan-tany, eny amin'ny sisin-dalana rehetra eny izay iandrasaNY antsika.

Kanefa koa ity vanim-potoana ity dia tena Fitondrana'Andriamanitra tokoa izay mampiditra antsika ao anatin'ny “*efitranontsika*”, ma hanokafantsika ny “*valizintsika*”, ny armoara, ny efitrano fiasàna... ka hananantsika risim-po mba “*hanome toerana malalaka ilay fahafahana*”, ha hiendaka... handrava ireo rehetra tsy ilaina, tsy ampiasaina, ireo “*harena kely*” izay mangalatra ny toeran'ilay tena “*Harena*”... ka mahatonga antsika ho voatery hiaro tena, “*hanidy amin'ny lakile*” ny

<sup>1</sup> Scritti 103,273-274; lettera da Buenos Aires, 3 luglio 1936, ai “cari figliuoli in Gesù Cristo”.

<sup>2</sup> Traduzione: è un'espressione nella lingua spagnola, che indica l'avere pochi bagagli, essere “lievi” per camminare più liberi (letteralmente: “lievi di equipaggio”).

rehetra... ary dia miafara, mazava ho azy, amin'ny “*fihidina*” eo amin'ny tenantsika koa, ny fiarovantenantsika, ka mahatonga antsika hitia fa tsy amin-kafaliana akory.

Andro vitsivitsy lasa izay, ny Papa François dia nanome valin-teny manokana an'ireo taratasy izay nalefako aminy manokana. Tao anatin'ireo teny izay nosoratany dia misy an'ireto teny ireto izay tena tiako ny mifampizara azy aminareo, satria heveriko fa mety hanaitra tokoa: “*En pobreza se camina más ligero*” “*tena mahantra raha toa ka mandeha amin'ny fomba farany izay maivana*” izany hoe tsy manana na inona na inona. Amin'ny teny espagnol ny hoe “*legiro*”, dia mety hisy heviny roa: “*lieve*” izay midika hoe “*haingana*”. Amin'izay ny tena tian'ny Papa holazaina dia ny hoe: “*ao amin'ny fahantrana dia mandeha haingana kokoa!*”

Tena marina tokoa ry rahavavy malala isany! Ao amin'ny fahantràna dia misokatra kokoa amin' Andriamanitra isika sy amin'ny hafa, rehefa mahantra isika dia mahatsiaro ho afaka, tsotra, ao amin'ny fahantràna no ahafahantsika miaina ny famindrampom'Andriamanitra sy ny famelàna avy aminy, ao amin'ny fahantràna no ahafahantsika manatona ny mahantra, ka tsy hanmabaniantsika azy, sanatria, fa hizarantsika kosa ilay famindrampo izay efa iainantsika, ao amin'ny fahantràna isika no mandresy ny fahazaran-dratsintsika ka mahatonga antsika hihazakazaka mankany amin'ny hafa amin'ny fomba haingana dia haingana... Amin'ny fahantràna no ahafahantsika ho tonga “*manakarena*” amin' ILAY “*tokana tena ilaina*” araka izay nolazain'i Jesoa tamin'ny Marta ao amin'ny Evanjely.



Ao amin'ny fahantràna no ahitantsika hafaliana misimisy kokoa sy mahasambatra antsika! Akory ity alahelo mahita religiozy andevozin'ny tenany, andevon'ny fitsaratsarana foana, ny fitiavan-tena, ny fizahozahoana, ny fanondroana ny tena ho mahavita... tafatsorofaka ao amin'ny fifamahofahon-javatra, amin'ny andraikitra, ny toerana, ny fikajiana diso tafahoatra ny fahasalamàna, ny teknôlojia... Mbola betsaka no tsy maintsy ovàna ry rahavavy malala isany, toa zary fifindran-toerana! Ary koa, tahaka ny notenenin'ireo Mpanabe antsika taloha hoe, “*avy amin'ny filaminana “ety ivelany” no ahafantarana ny filaminanana, sy ny firindràn'ny “ao anaty ao”...*” Afaka miady hevitra amin'io fomba fiteny io isika, kanefa raha zohina dia, tena marina tokoa! Amin'ny tsy fahaizana mamindra loatra no tsy maha lasa lavitra koa rehefa be loatra ny entana!!!

Indro “*fanalahidy*” hafa indray mba hankalazana ny fahatsiarovana ny Nahaterahan'ny Fikambanana: manokana ny fiainantsika samy irery sy ankohonampiaina, mba ho mahantra kokoa, mba hanana fahafahana... noho izany, dia tokony hisy hafaliana kokoa, hisy famindrampo sy fahavononana.

### **Fotoanan'ny fahavononana vaovao:**

Izao Taona masina, ankoatra ny hoe manasa antsika mba ho matotra ny “*maha izy antsika ho mpamindra fo*”, mba hiainana sahady ny fankalazàna ny Chapitre Provincial sy Regional, izay fotoana sarobidy tokoa ho an'ny Chapitre Général amin'ny volana mai 2017.

Fantatro fa ny ankohonana tsirairay dia samy efa niaina ny ‘Chapitre local’ avokoa ary, avy amin'ny ‘raisonnance’ izay efa tonga aty amiko dia tsapa fa ho an'ny ankamaroany dia tena fotoana izay nandraisana fahasovana tokoa,

nampandinika, nifanakalozana hevitra sy nanaovana ‘discernement’ samy irery sy miaraka ary indrindra, fotoana izay niainana ny fifampizaràna lalina tokoa amim-pandraisana andraikitra teo amin’ ny tsirairay, ary dia antenaina mba ho torak’izany koa no hiainana amin’ny Chapitre Provincial sy Régional.



Ny fanamby: “**Manome tanteraka an’Andriamanitra mba ho tena an’ny namana tanteraka**”, io moa dia azo lazaina fa tena fanentanana izay mitondra mankamin’ny fiainana ilay antso niantefa tamintsika sy ny maha Iraka antsika, ny maha izy antsika amin’ny maha olomboatokana Orioniste antsika ankehitriny, ny faharetantsika amin’ny fiainana ny aim-panahy sy ny ‘signe de temps’.

Tena matoky aho fa, ny fomba tena tsara hiainana ny fotoanan’ny Chapitre, na ny fanantanterahana azy amin’ny fandraisana andraikitra tokoa dia ny fananana toe-panahy maha “mpianatra” sy ny “fahantràna”.

Ny lohahevitra izay mitarika antsika amin’io fanambin’ny XII Chapitre général io dia: “*Mpianatra-Iraka, Vavolombelona ankafalian’ny Fitiavan’i Kristy, ho an’ ireo atao anjorombala eo amin’izao tonotolo izao*”. Izany dia mandravina izay rehetra nohalalinintsika tamin’ny tapany voalohany amin’ity taratasy ity.

**Ry rahavavy malala**, eo ampiainana ny fotoanan’ny fanatenana isika! Manana ny tombontsoa manokana amin’ny fiainana ny fotoan’ny Fanahy Masina sy ny fiantsoana mba hiara miasa amim-pandraisana andraikitra mba hananganana “*olona vaovao*” (humanité nouvelle), voalohany aloha, amin’ny alalan’ny fanavaozana ny fiainantsika sy ny fanovàna azy, ny fanadiovana sy ny fahafahana. Jesoa dia miantso antsika amin’ny maha Fikambanana manontolo antsika mba hiainga handeha amin’ny lalan’ny “*fanarahan-dia*”, mba hametraka antsika ho tena “*mpianatra*” sy mba ho tena “*iraka*” aorian’ny tsiokan’ny rivotry ny Fanahy Masina izay te “*hanavao ny zavatra rehetra*” (Apok 21,5).

Jesoa miantso antsika amin-kery mba hanavao ny finoantsika, ny fahalalantsika tanana, ny fahahantsika sy ny valinteny vaovao indray amin’ny fiantsoana izay ataony tsy amin-tahotra, tsy misy calcul, tsy misy condition... tahaka ny nanaovantsika ny “**ENY**” tsy ampihambahambàna teo amboalohany.

I Maria no môdely ho antsika amin’izany. I Maria ilay Reny, fa indrindra “*Mpiantra*”. Maria izay “*nahantra*” ka lasa “*nanankarena ny Fanahy Masina*” dia tena olon’ny fahafahana! Maria izay feno fitiavana ny Mistery, izay “*nihazakazaka*” ka lasa iraka sady Renin’ny Famindrampo.

Ao amin’i Maria sy miaraka aminy no ahafahantsika mifanome tanana, miaraka, amin’ny maha mpirahavavy tokoa, mamindra miaraka sady haingana, miaraka amin’ireo “*tongotra roa dia ny fitiavana sy ny fanetren-tend*”, mankany amin’ireo “*atao anjorom-bala*” eo amin’izao tontolo izao ankehitriny; “*vavolombelona ankafaliana*” avy amin’ily fitiavana niainana hatrany amboalohan’ny fianatsika dia mba hihira miaraka aminy manao hoe: “*ilay nitsinjo ny fahantran’ny ankizivaviny, ny olondrehetra hiantso ahy hoe sambatra!*”.

### **Vaovaom-pianakaviana sasantsasany**

Izao dia tiako ny hifampizara vaovao mahafinaritra sasantsasany aminareo, izay niainana tao anatin’ireto volana faramparany ireto. Mikasika an’izany vaovao izany dia azonareo jerena ao amin’ny tranon-kalantsika [www.suoredonorione.org](http://www.suoredonorione.org) ny fanampiny sy ny sary mahakasika an’izany ary video vitsivitsy.

- **Assemblée Nationale de l'USMI<sup>3</sup> et Assemblée plénaire de la UISG<sup>4</sup>:** tamin'ity taona ity dia nifanakaiky ireo vanim-potoana roa lehibe ireo (tamin'ny herinandron'ny Paka ny voalohany ary tamin'ny herinandro voalohan'ny volama mey ny faharoa), izay nandraisako anjara foana tamin'ireto taona ireto, satria fotoam-piofanana tena manampy amin'ny andraikitra maha-mpitondra. Nisy ireo fandinihina lalina natao mikasika ny Fiainam-panokanan-tena ankehitriny, na eto Italia na manerana izao tontolo izao. Toy ny mahazatra, ireo mpitondra lahadinika dia nanampy mandrakariva hanokatra ny sehatra hikatrohana nohon'ny fiantsoana sy ny maha-iraka ireo olom-boatokana ao amin'ny Fiangonana sy amin'ny toerana mahantra. Fa nanana ny dikany manokana koa ny Audience niarahan'ny Papa François tamin'ireo Supérieures générales efa ho 900, izay natao tao amin'ny Efitrano Paul VI, eny fa na dia somary nanahirankirana kely ihany aza ny fifampizaràna taoriana kelin'io noho ireo fanontaniana sasantsasany napetraka taminy.
- **Famangiana tany Cap Vert sy Voady voalohan'ny nôvisy Evanilda.** Ankoatra ny famangiana ny Ankohonam-piainana tao Praia niaraka tamin'i Sr M. Alicja Kedziora Conseillère générale sy i Sr M. Priscila Oliveira Supérieure provinciale'ny Province "*N. S. Aparecida*" ary i Sr M. Trinidad Almada Supérieure provinciale'ny Province "*N. S. de Luján*", dia nanatrika ny Voady voalohany nataon'i Evanilda tao amin'ny Nosy Saint Antoine koa izahay ka nifampizara hafaliana niaraka tamin'ireo vahoaka sy ireo rahavavy tao. Tena fiainam-pianakaviana nogohina tao anatin'ny hafaliana sy fisaorana an'Andriamanitra nohon'ny hatsaram-pony, dia ny fanomezany ny fiantsoana ho relijiozy.
- **Assemblée Centrale nataon'ireo Masera Sakramentina Jamba.** Notanterahina tao amin'ny Maison générale tao Roma, ny Assemblée Centrale ho fanomanana ny Chapitre général faha XII izay nandraisan'ireo solon-tenan'ny Sakramentine avy amin'ny ankohonam-piainany avy, niaraka tamin'ireo Supérieure provinciale avy any aminy. Ny rehetra dia samy nanipika fa fahasoavana manokana avy amin'ny Fanahy Masina ho an'ny fiainana sy ny hoavin'ity "*sampana*" ao amin'ny PSMC ity iny fotoana iny. Tao anatin'ny fahafahana, fifanajàna, sy fisokafana ary fandraisana andraikitra no nanatanterahana ny zavatra rehetra ary novolavolaina tamin'izany koa ireo *lignes d'actions* hatolotra any amin'ny Chapitre général, fa ilaina amin'ny fandrindràna ny fiofanana maharitra ho an'ireo Masera Sakramentina any amin'ny Province ihany koa. Nofaranana tany Tortona ny Assemblée ka nanankinana ny zavatra rehetra tamin'i Notre Dame de la Garde sy i Mompera Orione ary i Madre M. Tarcisia.
- **Fisokafan'ny Pré-noviciat any Philippine.** Hafaliana tsy omby tratra isaorana ny Tompo ny 31 mey, izay nanokafana ny trano vaovao ho an'ny Pré-noviciat sy ny firosoan'ireo tanora indoneziana 9 amin'ny dingam-piofanana Postulante. Taorian'ny volana maromaro naha-aspirante azy ireo izay sady nianarany ny teny anglisy sy nandraisany ny fiofanana voalohany mikasika ny fiainan-drelijiozy, dia nangataka ny hanohy ny zotram-piofanana ato amin'ny Fikambanantsika izy ireo, izay notantan'ny mpiandraikitra dia i Sr M. Graciela Pettiti. Io trano vaovao io no azo, dia hisaorana ny fanampiana ara-bola nataon'ireo anadahintsika FDP ao amin'ny Province italiana, ka ankasitrahana azy ireo tokoa. Entintsika am-bavaka àry ireo tanora ireo mba haharitra amin'ny fiantsoana azy.

<sup>3</sup> USMI: Union des Supérieures Mageures d'Italie.

<sup>4</sup> UISG: Union Internationale des Supérieures Générales.

- **Reliquen'ny Ràn'i Md Luigi Orione any Argentine.** Ny 31 mey no tonga tany Buenos Aires aho nitondra ny Reliquen'i Mompera Orione. Efa fetin'ny finoana sahady hatramin'ny fitsenana an-kafaliana teny amin'ny seranam-piaramanidina. Tena zava-dehibe ny fisian'io Relique io amin'ny fankalazàna ny Kôngresy Eokaristika Nationale izay atao ao amin'ny Provincen'i Tucumàn sy ny pèlerinage nationale any amin'ny Basilika N.S. de Lujàn. Fa ankoatra ny fitondrana ny Relique any amin'ireo ankohonam-piainantsika, dia efa marobe koa ny Mompera Curé sy Eveka nangataka azy. Hitondra ny famindram-pon'ny Ray sy hanaitaitra ny fiantsoan'Andriamanitra ao amin'ireo tanora marobe anie i Mompera Orione. *Deo gratias!*
- **Chapitre généralen'ireo Zanaky ny Fitondran'Andriamanitra sy fihaonana tamin'ny Papa François.** Niaraka tamin'ny Vikera Jeneraly Sr M. Sylwia, sy ny Supérieure provinciale Sr M. Vilma ary ny Supérieure régionale. n'i Madagascar Sr M. Françoise no nandray anjara tamin'izany, amin'ny maha-olona nasaina anay, tamin'ny Chapitre généralen'ny FDP, izay natao tany Montebello della Battaglia. Laika maro ihany koa no voaasa tamin'izany niaraka tamin'ny tompon'andraikitry ny ISO. Azo lazaina fa nahafa-po ny fisianay, satria nahatsiaro tena ho “mpandray anjara” mavitrika tamin'ireo asa sy fifampidinihana mihitsy izahay ary niainanay tokoa izany hoe hatsaran'ny maha-ao anatin'ny Fianakaviana karismatika iray manan-karena amin'ny fanehoana ny maha-izy azy sy ny fomba hisehoany. Ny 27 mey, dia niaraka tamin'ireo Mompera mpanao Chapitre izahay namonjy ny Audiance manokana niarahana tamin'i Papa François, tao amin'ny Efitrano Clémentine ao Vatican. Fihaonana tena nahafinaritra tokoa. Naneho fihetsika “*tsy nampoizina*” tamiko i Papa François, ka tamin'ny famihinan-dray nataony ahy, dia tsapako fa “ianareo rehetra” koa dia teo: **namihina anareo ny Papa!** Nambarako azy ny fitiavantsika azy, ny fitondrana azy am-bavaka, fa indrindra ny vavaka ataon'ireo maserantsika efa zoky ho azy, ary ny fahalalam-pontsika amin'ny maha-zanak'i Mompera Orione antsika. Nanafatrafatra ahy izy mba hanao veloma anareo amin'ny anarany sy “*tsy hanadino ny mivavaka ho azy*”.
- **Famangiana ireo ankohonam-piainana any Araguaina sy ny misiona any Buritis (Brésil).** Nohon'ny fiarahan'i Sr M. Priscila Oliveira Supérieure provinciale tamiko, dia afaka namangy ireo ankohonam-piainana alavitra aho rehefa nandeha ora maro. Ny fandraisana, ny hafaliana ary ny herim-pon'ireo Masera sy ny vahoaka no nandravaka an'izao dia izao. Tena nanaitra be ahy ny misiona tanterahin'ireo Masera any Buritis miaraka amin'ireo anadahintsika FDP. Asa pastôraly amin'ny zanam-piangonana efa mihoatran'ny 90 ao anatin'ny Distrika no sahanin'izy ireo. Afaka nihaona tamin'ireo mpikambana ao amin'ny MLO koa aho, nandray anjara tamin'ny fotoana sasantsasany nandritra ny fiofanan'ny CEBs<sup>5</sup> ary tamin'ny takarivan-danonana nokarakarain'ny Pastôralin'ny fianakaviana nohon'ny “*festas juninas*”. Tsipihiko manokana ny fandraisan'ireo anadahintsika FDP, sy ny fiarahana nihinana “*pizza*” tamin'ireo Mompera sy seminarista. Tohanantsika am-bavaka sy hisaorantsika ny Tompo ny soa ataon'ireo rahavavintsika any amin'ireo tany amazonie.
- **Miaraka amin'ny Econome générale Sr M. Noemi Guzzi,** izay tonga aty Buenos Aires tamin'ireto andro ireto, dia handray anjara amin'ny fihaonana mahakasika ny ekônômia miaraka amin'ireo Masera ao amin'ny Conseil provincial aho. Vao vita io fihaonana io dia handeha ho any Chile aho, izay hamangiako ankohonam-piainana sasantsasany sy hanatanterahako fivoriana sy fifampizaràna miaraka amin'ny Conseil provincial. Izany rehetra izany dia


---

<sup>5</sup> Communauté ecclésiale de base.

atao amin'ny toe-tsain'ny mpianakavy sy ny faniriana lehibe ao am-pontsika ao mba hitomboan'ny firaisan-kina sy ny fiaraha-miasa ary ny fitiavana ny Fikambanantsika.

Miombona am-bavaka hatrany isika. Dia arabaina nahatratra ny fetin'ny Papa! Ary mirary soa antsika rehetra amin'izao fitsingerenan'ny taona Niorenan'ny Fikambanana izao.

Am-pitiavana lehibe ny Tompo no amihinako anareo:

  
Sr. M. Mabel Spagnuolo  
Supérieure générale

Sainy Paul (Brésil), 15 juin 2016.